# FITSIPIKY NY FIFANINANANA

## FIFANINANANA NASIONALY HO FAMPIROBOROBOANA NY FAMORONANA TETIK'ASA HO FAMPANDRAISANA ANDRAIKITRA NY TANORA,

## AMIN'NY FARITRA 22 ETO MADAGASIKARA

### 1. Iza avy ireo afaka mandray anjara ?

Ny fifaninana dia misokatra ho an'ireo fikambanana tanora afaka hamorona tetik'asa, manerana ny faritra 22 eto Madagasikara

Ireo fikambanana afaka mandray anjara :

- Ny fikambanana miasa ho fampandrosoana ny toerana misy azy
- Ny fikambanana na tambazotram-pikambanana manana antompisiana aradalana eny anivon'ny talemparitra miahy ny Tanora
- Ny fikambanana tanora izay manana mpikambana anelanelan'ny 15 ka hatramin'ny 30 taona
- Ny fikambanana efa nanana tetik'asa maharitra sy manana tetik'asa ho tanterahina eo amin'ny toerana misy azy
- Ny vondrom-pikambanana mandray anjara dia tsy tokony hihoatra ny 3 ny fikambanana ao anatiny izay manolotra tetik'asa iray

### 2. Inona avy ireo tokony ho hita ao anatin'ilay tetik'asa ?

Tokony aompana amin'ireto lohahevitra ireto ny tetik'asa :

- Ny fahasalamana
- Ny fiofanana
- Ny andraikitra amin'ny maha olompirenena
- Ny asa sy ny fandraharahana
- Ny tontolo iainana

Ny tetik'asa tsirairay avy dia tokony hisy fifandrindràna amin'ny sampandraharaha misy eo an-toerana mifanandrify amin'ny lohahevitra nosafidiany.

*Ny tetik'asa dia afaka aseho amin'ny alalan'ireto asa manaraka ireto :*

- Ny fanentanana, fanomezam-baovao ho fanovàna ny fitondran-tena
- Ny fanatanjahan-tena na kolontsaina entina hampitàna hafatra
- Ny fifandresen-dahatra
- Ny fanadiovana, fanadiovana faobe, fanatsaràna fotodrafitr'asa
- Ny fanamafisana ny fahaiza-manao
- Ny asa madinika mampidi-bola misy akony eo amin'ny fiaraha-monina

Tsy ho raisina ny tetik'asa :

- mamofompofona na manome lanja antoko na fikambanan'antoko politika
- tetik'asa mampidi-bola fa tsy mitondra fampandrosoana ho an'ny fiaraha-monina
- andoavana karama
- mamatsy ara-bola tetik'asa efa vita na eo andalam-pamitàna

Tsy tokony hihoatra ny 3 volana ny fanatanterahana ny tetik'asa

### 3. Ahoana no fandefasana ny tetik'asa ?

Ny fikambanana rehetra te handray anjara dia afaka mandefa ny antontan-taratasy momba ny tetik'asany alohan'ny faha-**24 septambra 2014** any amin'ny talem-paritra miadidy ny tanora, ny tranoben'ny tanora amin'ny toerana misy anareo.

Ireo antontan-taratasy momba ny tetik'asa dia tokony hamaly ny fanontaniana rehetra voafaritra ao amin'ny modely fandraisana anjara izay hita eny amin'ny peta-drindrina eo anivon'ny talem-paritra miadidy ny tanora, ny biraon'ny distrika sy ny tranoben'ny tanora any amin'ny toerana misy anareo.

Ny modely fandraisan'anjara dia azo alaina ao amin'ireto tranonkalam-pifandraisana ireto :

- Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena : http://www.mjs.gov.mg
- UNFPA eto Madagasikara : http://countryoffice.unfpa.org/madagascar
- Pejy FACEBOOK n'ny Tanora Garan'Teen

Ny anton-taratasy fandraisan'anjara dia azo aterina ao amin'ny biraon'ny Talem-patritra ny Tanora na ny tranoben'ny tanora na koa alefa mailaka amin'ny adiresy : concoursnational2014@gmail.com

Raha mila fanazavàna fanampiny dia antsoy ireto laharana manaraka ireto :

**032 74 139 18 na 034 24 486 02**

**Tanora miray hina sy mandray andraikitra, omeo lanja ny firotsahanao!**